

# MASINA MARIA RENIN'ANDRIAMANITRA - TAONA A

RENIN'ANDRIAMANITRA SY MPANJAKA VA VIN'NY

FIADANANA I MASINA MARIA



Ry Kristianina havana, mbola anatin'ny fankalazana ny fetin'ny Noely isika amin'izao andro voalohany taona "1er janvier" izay ankalazantsika an'i Masina Maria Renin'Andriamanitra ka an-karavoana sy an-kafaliana no iarahabana antsika

olo araiky jiaby. Izao voalohan-taona izao dia fankalazana telo sosona no ataontsika :

Vakiteny I : Ekl. 3:2-6,12-14, Tononkira : Sal. 128:1-2,3,4-5,

Vakiteny II : Kol. 3:12-21,

Evanjely : Mt. 2:13-15,19-23,

- 1- Andro voalohany Janoary, voalohan'ny taona araka ny "calendrier civil" fa araka ny calendrier liturgique dia efa nankalazaintsika izany tamin'ny Alahady voalohan'ny Fiaviana

taorian'ny fankalazantsika an'i Kristy mpanjaka ary nanatanterahantsika ny Sinaody tapany voalohany ary nampiditra antsika amin'ny Sinaody tapany faharoa : FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARO NY TONTOLO IAINANA. Azo lazaina fa izao taombaovao izao no hanampy antsika hiroso lalindalina kokoa amin'ny dinika fa indrindra amin'ny fantanterahana ny ezaka hivelomana io sinaody tapany faharoa io. Ny hafatr'I Papa amin'izao 1 janvier tokoa dia mampitodika antsika amin'ny fiarovana ny tontolo iainana. Potika tokoa ny fiainantsika vokatry ny covid

Korontana virus ary anisan'ireo nitondra faisana ny tontolo iainana. Tsy misy olona afaka hilaza ny tenany ho nosy hoy ny Papa. Natao hifandray isika, hifandray amin'ny zava-boary, hifandray amin'ny mpiara-belona, amin'Andriamanitra. Tsy afaka hanorina ny ho avy samirery isika fa tsy maintsy miara-dalana. Izany no ataontsika amin' ny Sinaody izao ary indrindra amin'ny fiarovan'ny tontolo iainana. Mitaky fiombonana ny fanarenana ny Tranobe lombonana efa robaka izao.

2- Izao 1er janvier izao no hibanjinantsika bebe kokoa ka hampidirantsika an'i Jesoa Fihavanana, Fiadanana eo amin'ny fiainantsika, amin'ny ataontsika, tsy i Jesoa lavitra fa i Jesoa eto anivontsika, miara-dàlana amintsika ka na dia mafy aza ny dia tsy irery isika.

Ny firariana amin'izao taona vaovao izao dia ny mba ho eo anivontsika lalandava i Jesoa sy hiara-dalana aminy isika amin'ity taona ity sy ny taona rehetra mitsingeringerina ka hivelona ny vòkasiontsika hatramin'ny nahariana antsika dia tsy inona fa napetrak'Andriamanitra tao amin'ny Sahan'i Edena isika hikarakara sy hikorokoro azy. Tsy iza anefa ny Sahan'i Edena fa ny Tranobe iombonana dia ity tany fonenantsika ity izay isika ihany no manapotika azy noho ny hetraketraka nataontsika. Noho ny fiovan'ny toetrandro dia maro ny tanàna amin'ny sisindranomasina no potika tanteraka ary tsy hita intsony... na andrefana izany na antsinanana.

Na dia eo aza izany rehetra izany ary miteraka korontana maro eo anivon'ny fiainantsika dia matoky isika. Raha izao tontolo izao tokoa very fanahy mbola velona satria tsy misy repère, isika kosa manana an'i Jesoa ary io no asongadin'i Papa amin'ny hafany amin'izao 1er janvier izao : "Inona àry no tokony hataontsika? Voalohany indrindra, ny hamelantsika ny fonsika hiova manoloana ireo hamehana maro niainantsika, izany hoe mamela an'Andriamanitra, amin'ny alalan'izao vanimpotoana manan-tantara izao, hanova ny fomba fanazavantsika an'izao tontolo izao sy ny zava-misy. Tsy azontsika hatao intsony ny hihevitra ny tombontsoantsika manokana fotsiny na ny an'ny firenentsika fotsiny, fa tsy maintsy hihevitra noho ny soa iombonana, miaraka amin'ny fisainana hoe "miara-monina", izany hoe "isika" misokatra amin'ny firahalahiana iraisam-pirenena. Tsy azontsika atao intsony ny hanohy hiaro ny tenantsika samirery fotsiny, fa fotoana izao handraisantsika andraikitra mba hanasitranana ny fiaraha-monina sy ny planeta misy antsika, amin'ny fananganana tontolo tena marina sy miadana, mifantoka tanteraka amin'ny fandalàna ny soa iombonana tena izy."

3- Anio voalohan'ny volana Janoary ihany koa no ankalazantsika an'i Masina Maria Renin'Andriamanitra, ary dia mifanojo amin'izay lohahevitra izay ny fankalazana ataontsika androany. Matoa ny Eglizy nanokana andro hibanjinana an'i

Masina Maria Renin'Andriamanitra dia satria araky ny fantantsika ary mbola miseho amin'izao fotoana izao, misy hevitra mifamahofaho mikasika an'i Masina Maria ka namaritra momba an'izany tokoa ny Eglizy mba ho finoana matotra tsara ny finoana hivelomantsika ka hahatonga an'i Jesoa eo anivontsika. Lazaina Renin'Andriamanitra i Masina Maria satria renin'i Jesoa izy. I Jesoa dia Andriamanitra. Rehefa nasongadina araka ny teny finoana ny maha Andriamanitra an'i Jesoa dia noraisina ihany koa ny maha renin'Andriamanitra an'i Masina Maria ka izao voalohan'ny taona izao no ankalazana azy eo anivon'ny Eglizy. Hanambarana ihany koa fa miaraka an'i Masina Maria isika hamakivaky ity taona ity ary izy no hitondra antsika ao amin'i Jesoa. Raha ao amin'i Jesoa isika dia hahita ny làlan-kombana, hahita ny tena fiainana, hahita ny fahamarinana. Renintsika ihany koa i Masina Maria, fantantsika fa i Jesoa nanolotra azy an'i Joany ary i Joany nandray an'i MASINA MARIA tao an-tranony.

Aoka isika amin'ity andro voalohany amin'ny volana janoary ity hampandroso an'i Masina Maria, raha mampandroso azy isika dia mazava ho azy fa ao an-tranontsika i Jesoa. Renintsika tokoa izy ka hikorokoro sy hizara amintsika ny tena fiainana ao amin'i Jesoa.

Izany no nahatonga ny Eglizy nanomka tamin'ny fotoanan'i Papa Paoly VI nifidy ny andro voalohan'ny taona ho andron'ny fandriam-pahalemana. Raha ilay mpanjakavavin'ny fandriam-pahalemana no eo anivontsika mandritra ny hamakivakiansika ny taona sy ny taona mitsingerina dia hiaina ao anatin'ny fiadanana sy fandriam-pahalemana isika.

Isan-taona dia manome lohahevitra ny Papa ka tiany ampitaina amintsika amin'izao taona vaovao izao ny ezaka ataontsika hiaro ny tontolo iainana. Mifanaraka tsara amin'ny Sinaody tapany faharoa izany. Araka ny voalazantsika teo ambony, tsy misy afaka hilaza ny tenany ho nosy ary tsy afaka handroso samirery isika fa mila miaraka. Hoy indrindra ny Papa, antsoina isika hametraka fanamby miaraka ombam-pandraisana andraikitra sy finiavana lalina ho an'ny tontolo misy antsika. ... tsy maintsy mijery izay fomba ikolokoloina amin'ny fomba azo tsapain-tanana, ny tranobe iombonantsika sy hametraka paik'ady mazava sy mahomby hiadiana amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro ; hiady amin'ny otrikaretin'ny tsy fitoviana ary hiantoka ny fanjarian-tsakafo sy ny fananana asa mahavelona ho an'ny rehetra, amin'ny fanohanana ireo rehetra tsy mandray karama farany ambany sy anaty fahasahiranana. Mandratra antsika ny mahita ny vahoaka noana.

Ry Kristianina havana, efa voasoritra izay ny làlan-kombantsika ary izay ihany koa ny firarian-tsoa ataoko amintsika : Enga anie hahay hifandray isika ary ataontsika eo anivon'ny fifandraisantsika i Jesoa ary i Masina Maria hanampy antsika amin'izany ka hihavao ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra. Hirindra tsara izany

satria ilay mpanjakan'ny fiadanana no eo anivontsika.

Hiova koa ny fifandraisantsika samy olombelona satria ilay endriky ny famindrampon'Andriamanitra no eo anivontsika ka hifanasoana isika ao anatin'ny fahamarinana sy fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny ary anatin'ny fikatsahana mandrakariva ny soa iombonana.

Hiova koa ny fifandraisantsika amin'ny zava-boary, toy izay hanapotika isika dia hanasoana sy hanatsara araka ny lohahevitra ny sinaody tapany faharoa : Fianakaviana Eglizy kely miaro ny tontolo iainana... Manohy ny nataon'ny tanora raha nanatanteraka ny fiombonam-be teto amin'ny diosezy : "Sambatra ny malemy fanahy fa handova ny tany izy". Raha hetraketraka na herisetra no eo anivon'ny fiainantsika dia potika isika fa raha miova isika ka hiaro ny tontolo iainana dia mianatra an'i Jesoa tokoa isika. Izy ilay nilaza "Mianara amiko fa malemy fanahy sy manetry tena aho", raha i Jesoa no ianarantsika sy fahendrena ho antsika dia ho lavitra ny herisetra, ny hetraketraka, ny doro tanety sy ny tevy ala ary fantantsika ny vokatr'ireny doro tanety ireny fa mahamainty ny tontolo iainana.

Ho maitso ny fiainantsika raha isika araka ny ezaka iriko ataontsika fa indrindra amin'izao fotoana fahavaratra izao dia ny hamboly kakazo ary indrindra hiaro mba tsy hisy ny tevy ala. Aoka isika hanana risipo amin'ny fambolena-kazo amin'izay ho maitso, feno fanantenana ny fiainantsika. Ny fanantenana no tsy mamitaka fa ny fijerena an'izao sy izao mety mamitaka ary indrindra fa ny fanantenana ao amin'Andriamanitra tsy hamitaka na oviana na oviana. Raha eo anivontsika i Jesoa dia hiova koa ny fifandraisantsika amin'ny tontolo iainana ka hanaja an'izany isika ary hanasoana ka ho feno fanantenana izao taom-baovao ho antsika izao.

Ry Jesoa zokinay o, ianao tokoa no mpanjakan'ny fiadanana, ianao tokoa no eto anivonay, ianao no hiaraka aminay hamakivaky an'ity taona vaovao ity ka enga anie ho feno ny fahendrenao izahay ka hahay hifanaja dia hiova tokoa ny fifandraisanay amin'Andriamanitra, ho vonona hanatanteraka ny sitrak'Andriamanitra tahaka an'i Masina Maria izahay, izy ilay reninay mikolokolo anay koa. Amin'izay izahay hahay hifandray tsara araka ny maha zanak'Andriamanitra anay ka hifanasoana fa tsy hifanapotika ary hahay hanaja ny aina mandritra ity taona ity sy ny taona manaraka rehetra. Noho ny fahendrenao sy ny fampianaranao dia hahay hanaja ny tontolo iainana izahay araka ny hafatrao "Sambatra ny malemy fanahy fa handova ny tany izy". Amin'izao taona vaovao 2023 izao dia hiatrika ny sinaody tapany faharoa : Fianakaviana Eglizy kely miaro ny tontolo iainana izahay ka apetrakay eo ampelantananao izany satria izahay no handova ity tany ity ka enga anie izahay hanana ny fahalemam-panahy sy fanetren-tena araka ny fampianaranao izany. Amen  
Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson